# 09 Septambra 2018 – ALAHADIN’NY AFF

Nitarika ny fotoana sy nitondra ny fampianarana ho an’ny ankizy sy ny tanora ny filohan’ny AFF, Atoa RAHARISON Jean Aimé.

Ny 1 Kor. 6:9: “Moa tsy fantatrareo va fa ny olona tsy marina tsy mba handova ny fanjakan’Andriamanitra? Aza mety hofitahina ianareo: fa ny mpijangajanga sy ny mpanompo sampy sy ny mpaka vadin’olona sy ny sodomita” no nakany ny hafatra ary mora noraisin’ny tanora sy ny ankizy ny hafatra satria tamin’ny alalan’ny feo-na klaxon-na camion no nentiny nampità tamin’izy ireo ireo karazan’olona voalazan’io andinin-tsoratra Masina io fa tsy mba handova ny fanjakan’Andriamanitra.